Washington DC
Nanintona ny vahiny ny hira sy sakafo malagasy

Ny fomban-drazana tsy ariana

Isan'ny nanamarika manokana ny fandraisana ity taona vaovao 2007 ity ireo teratany Malagasy izay monina sy miasa any Amerika, (Canada, New-York, Cleveland, Ohio, Pennsylvania, Maryland, Connecticut, Delaware, Florida, Minneapolis, New - Jersy, California). Nanatanteraka alimpandihizana niraisana tokoa izy ireo ny faran'ny taona teo, izay ny RMS (Rencontre Sportive Malagasy Washington DC) no nikarakara azy. Antony roa no voalaza fa nanaovana ny lanonana eo aloha ny fiarahan'ny samy zanak'i Madagasikara mifaly sy milanonana any ivelany any, ary faharoa ho fanohanana ny hetsika ara-panatanjahan-tena lehibe izay atao ao Washington DC amin'ny volana jolay 2007 ny vola azo tamin'ilay izy. Nivoitra nandritra izany, ny fandihizana kilalaky, salegy, kawitry, ny valala manjohy, ny dihy milamina, ary ireo dihy milamindamina izay ankafizin'ireo efa zokinjokiny, ary indrindra ny afindrafindrao. Tsy latsa-danja tao anatin'izay koa anefa ny fiaraha-miasakafo sy nanomezan-toerana ny sakafo malagasy toy ny anandratana ny sakafo tena malagasy, toa ny ravitoto sy henan-kisoa, ny voanjobory sy henankisoa, ny akoho amin'ny coco, ny voron-tsiloza sy henan-kisoa, ny hena omby ritra, ny trondro, sy ireo sakafo maro be tsy lany laniana amin'ny maha hanim-pitoloha azy. Nitarika sy nandray anjara tamin'ity lanonana ity, ny masoivoho malagasy any Amerika Ingahy Narisoa Rajaonarivony, izay nanoho ny firaisankina sy fifankatiavana eo amin'ny samy Malagasy any ivelany rehetra any.

Fa tsy latsa-danja tao anatin'izay ny fanatrehan'ireo naman'i Madagasikara zanaky ny firenena hafa ity lanonana ity, ka nilazan'izy ireo na ny hankaton'ny hira, na ny sakafo izay niarahana nihinina.

Narilala

Antsohihy
Henjana ny toe-draharaha !

Maizina Antsohihy, izay no-azo ilazana azy ary mangina ny tokantranon'ny tsirairay amin'ny ankapobeny satria tsy maharaka ny filàn'ny mpanjifa intsony ny Jirama any an-toerana. Simba tanteraka mantsy ireo nomen'ny mponina hamahana ny olana, ary raha tsy mivaha izany dia ho henjana tokoa ny toe-draharaha. Araka ny fantatra moa dia fitaovana avy aty Antananarivo no andrasana hanampiana sy hanosehana ny

Fandriampahalemana
Tsy nahomby ny natao hatramin'ny 2002

Lafin-javatra iray navoitran'ny Filohampirenena Ravalomanana tamin'ny kabariny teny amin'ny lapan'Iavoloha tamin'ny zoma ny hoe " rafitra vaovao momba ny fandriampahalemana ".

"Inona loatra no dikan' izay", hoy ny mpanara-maso? Raha raisina mivantana arakeviny ny resaka dia midika izany fa tsy nahitam-pahombiazana loatra (na mihitsy) ny hetsika, na fepetra noraisina ho amin'izay fampanjakana ny fandriampahalemana izay nandritra ny dimy taona nitondran'ny Filoha Ravalomanana.

Iza no tompon'andraikitra amin'izany ?

Raha nahitam-pahombiazana mantsy ilay asa natao dia tsy fametrahana rafitra vaovao no nambara fa fanatsarana ny efa nisy na fanavaozana ny fomba fiasa.

Raha ny lamina ao anatin'ny rafi-pitondrana repoblikana no ifotorana dia ny ministera misahana ny filaminam-bahoaka sy ny miandraikitra ny fiarovam-pirenena no tena tompon'antoka voalohany tamin'ny tsy fahombiazana. Tokony hosaroana koa anefa, raha ny tontolon'ny halatra omby, ohatra, no asiaw-teny, fa nisy fampanantenana nataon'ny Filohampirenena tamin'ny 2002 fa " hasiana kavina mifandray amin'ny milina solosaina (puce électronique) eny amin'ny sofin'omby ka hahafahana mahafantatra avy hatrany ny toerana misy an'ilay omby raha sendra fahaverezana ". Ankoatra izay dia nisy koa ny fampanantenana fa "hampiasaina ho famongorana ny asan-dahalo ny fiaramanidina " helikaoptera " fa izay no hahafahana mamongotra hatramin'ny fotony ny malaso ". Toa tsy nisy tanteraka anefa izany, ka nahatonga ny kandida Razafimahaleo Herizo ho nametraka fanamby mihitsy tamin'ireny fotoanan'ny fampielezan-kevitry ny fifidianana teo ireny fa " hosokajiana toy ny ady ataon'ny firenena malagasy amin'ny

Zoro toekarena
Famokarana angovo
Tsy voafaritra mazava ny lalan-kizorana

Ny foibe mihodina amin'ny rano, no hamehana ho an'ny Map. Ny fanamboarana sy fanajariana ireo foibe mihodina amin'ny solika, no nisongadina teo amin'ny zavabitan'ny MEM, tamin'ny 2006.

Raha ny tatitry ny zavabita, sy ny fanarahana ny pôlitikam-panjakana ankapobeny 2006, teo anivon'ny MEM, na ny ministeran'ny Angovo sy ny harena ankibon'ny tany, dia nisongadina ny fametrahana foibe mpamokatra herinaratra, mandeha amin'ny solika WARTSILA 40 MW ho an'ny tambajotran' Antananarivo. Ankoatra izay ny fanarenana ny foibe JIRAMA (6MW) sy fampandehanana amin' ny laoniny ny fitaovan' mpamokatra herinaratra mandeha amin'ny solika. Ho an'ny taona 2006, ankoatra ny famakian-doha teo amin'ny fiandrasana ny famatsiam-bola, entina hanarenana ny Jirama, dia 2 ihany no foibe voadinika, mihodina amin'ny rano. Ambaran'ny tatitra, fa nohajariana ny foibe mandeha amin'ny rano ao Volobe. Toraka izany ny fanajariana ny toerana hitrandrahana herinaratra amin'ny rano, ao Lilly. Nisy ny fifanarahampitantanana, iarahana amin'ny Orinasa SAEE, neken'ny filankevitry ny minisitra.

Ankoatra izay, dia tsy voasoritra mazava ny praograma hafa, ao anatin'ny fohy sy lavitr'ezaka, entina hanovana ny zava-misy amin'izao fotoana. Mihodina amin'ny solika ny ankamaroan'ny foibe mpamokatra herinaratra. Araka ny tarehimarika omen'ny Jirama, dia ilàna gazoaly 65 tapitrisa litatra, ary 7 tapitrisa amin'ny *" fuel "*, izany. Misy rano azo trandrahina eto Madagasikara, kanefa tsy misy afatsy ny 5% n'ny rano sy ny renirano,

> ***Tsy ny rano ihany anefa no azo trandrahina, ary natokana ho taonan'ny angovo azo isafidianana ny 2007. Saingy, tsy ahitana fivoarana ny fitrandrahana.***

manana tanjaka hatrany amin'ny 7800 MW, no voatrandraka. Ahiana hihena an-toerana indray izany, araka ny hevitry ny teknisianina, raha toa ka mitohy ny fandoroana tanety, sy fanimbana tontolo iainana. Toerana vitsivitsy no misy azy ireo, dia Andekaleka, Volobe, Mamorona, Antelomita, Mandraka, Manandona sns. Voamariky ny fanadihadiana izay nataon'ny MEM, fa ny 105 MW ihany no voatrandraka, kanefa ahitana rano ny fantra rehetra, ankoatra ny any atsimo.

Heverina ho goavana amin'ireo ny any Andekaleka, izay manana 29MW, ary mifandray amin'ny tambazotran'ny Jirama. Ankoatra izay ny foibe madinika, tahaka ny any Antetezambato-Ambositra, izay tantanin'ny tsy miankina. Raha nanome toky ny amin'ny hanangnana foibe mihodina amin'ny rano ny Filoha, izay noraiketina ao amin'ny Map, dia manjavozavo ny fomba hanatanterahana azy, satria ilàna fampiasam-bola matanjaka.

Tsy ny rano ihany anefa no azo trandrahina, ary natokana ho taonan'ny angovo azo isafidianana ny 2007. Saingy, tsy ahitana fivoarana ny fitrandrahana. Malaza eo amin'ny angovo fanampiny, ny azo avy amin'ny hafanan'ny tany. Ampiasaina ho an'ny fitsaboana ihany izany hatreto, toy ny hita any Antsirabe, Ranomafana. Mitentina 100.000 euros no fampiasam-bola ilaina teo amin'ity fanadihadiana ity. Rehefa miha-lalina ny fitrandrahana ny any ambanin'ny tany, dia mitombo ny hafanana azo. 100°C, ho an'ny 1000m araka ny fanazavana ara-teknika. Tsy fantatra anefa ny ho tohiny. Ny sasany mandrirotra any amin'ny rano, ny hafa efa mijery ny tahiry hafa ananan'ny firenena.

R.A

Diniho kely ity
Taon-dasa nohadinoina...

Hiditra amin'ny taom-piasany faharoa hitondrany indray ny tany sy ny fanjakana ny filoha Ravalomanana, rehefa nandresy tamin'ny fifidianana natao ny faha-3 desambra teo iny. Tsy hiadiana hevitra intsony izay *" olana "* nisy tamin'iny satria dia efa mazava izao fa ny *" rehetra "* no efa nanaiky ny vokatra, na ny mpanohitra izay efa mangina, indrindra fa ny firenenkafa izay efa samy niarahaba ny fandresena, koa dia efa izay izany ê.

Ny fotoana tahaka izao koa anefa no fitodihana ny lasa, hijerena ny vita sy ny tsy tanteraka, hampoha-

ihany no horesahina, satria io no tena maharary antsika.

Raha ny momba ny tifi-bahoaka aloha dia efa maromaro ihany izay niseho teto izay. Nisy aloha ny raharaha Monima, ny voalohan'ny volana aprily 1971, tany atsimo. Io zava-nisy iray io no tena mahagaga ny mpanaraka ny raharaham-pirenena indrindra, satria dia toa niniana nohadinoina fotsiny izao. Raha mba manontany eny rehetra eny toa koa mantsy dia vitsy dia vitsy sisa no mahalala na dia ny nisiany akory aza. *" 1er avril 1971 "* no anontaniana dia ... aseka fotin'ny lainga *"Nankaiza ? ", " fa naninona ? "* no fanontaniana apetraka, ary dia fanontaniana ihany koa no valiny, dia ny hoe *" fa ahoana tokoa moa ny momba azy iny ê ? "*... dia mihodinkodina eo, ary samy tsy misy holazaina no iafarany. Fa raha nanaovana fikarohana sy fanadihadiana matotra tokoa ve ny momba iny raharaha iny dia tsy ho nahazoana *"vaovao"* hatramin'izao ê ?... Taondasa nohadinoina ihany koa.

Ny farany amin'izay horesahina eto dia ny momba ireo volabe lany kanefa tsy nazava ny antony.